# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Septambra 2018

# 27 Alakamisy septambra

**Miverena ianao, ... hoy Jehovah ; tsy hampanjombona ny tavako aminareo Aho ; fa mamindra fo Aho... Kanefa kosa ekeo ny helokao... Miverena ianareo, ry zaza mpiodina, fa hositraniko ny fiodinanareo. Indreto, manatona Anao izahay, fa Ianao Jehovah no Andriamanitray.** Jeremia 3. 12, 13, 22

## Miverena

Tsy nankatò an'Andriamanitra ve aho ? Nanalavitra Azy ve ? Misy fahadisoana mamesatra ny fieritreretako ve ? Miantefa amiko ny antso maika ataon'Andriamanitra, hoe : „Miverena".

Ny miverina no hany vahaolana, na inona na inona halehiben'ny fahadisoana mitambesatra amiko. Miverina amin' Andriamanitra, izany hoe miaiky ireo fahadisoako eo anatrehany, sy mitsara ny loharanon'ireo. Ary koa mahita an' Andriamanitra indray amin'ny alalan'ny vavaka, ny famakiana am-paharetana ny Teniny, angamba ampiana kristiana itokisako.

Mirona hihevitra isika fa ny fitiavan'i Jesosy dia miankina amin'ny fitiavantsika Azy. Koa matahotra ny hiverina aminy isika rehefa avy naniratsira Azy. Heverintsika fa tezitra amintsika Andriamanitra, ka mila manonitra izany amin'ny fibebahana na amina asa isika. Diso izany. Tia antsika Andriamanitra, na inona na inona nataontsika. Malahelo Izy noho ny fitondrantenantsika, fa tsy tezitra.

Inona àry no andrasany amintsika, rehefa nanao fahadisoana isika ? Ny miaiky izany, ary mahatakatra fa efa nijaly Kristy mba hahazoantsika famelan-keloka. Afaka miverina aminy avy hatrany isika, am-panetrentena sy ny am-pahatokiana. Miandry antsika mandrakariva Izy. Arakaraka ny ijanonantsika ela lavitra Azy, no mahatonga ny fiverenantsika hihasarotra kokoa. Fa nahoana moa ? Satria, raha mijanona lavitra Azy isika, dia mihadonto ny fieritreretantsika ary mihamafy ny fontsika. Ny tanjon'i Satana, ilay fahavalo, dia ny hahatonga antsika hanamaivamaivana ny fahadisoantsika, sy ny hanakana antsika tsy hahita indray fifandraisana feno fahasambarana amin'Andriamanitra.

Tsy miova ny fitiavan'ny Raintsika. Tsy misy fetra ny fahasoavany, ho an'izay miverina aminy.